

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA

Tanindrazana-Fahafahana-Fandrosoana

PRESIDENCE DE LA REPUBLIQUE

LOI N° 2003-041 sur les sûretés

TITRE PRELIMINAIRE

A. DEFINITIONS ET DOMAINE D'APPLICATION

Article premier. Les sûretés sont les moyens juridiques qui sont accordés au créancier par la loi ou par la convention des parties aux fins de garantir l'exécution d'obligations préalables et de se prémunir contre le risque d'insolvabilité du débiteur.

Les sûretés propres au droit fluvial, maritime et aérien font l'objet de législations particulières.

Art.2. La sûreté personnelle consiste en l'engagement d'une personne de répondre de l'obligation du débiteur principal en cas de défaillance de celui-ci.

La sûreté réelle consiste en l'engagement d'une personne d'affecter un bien, meuble ou immeuble, à la garantie de l'obligation du débiteur principal et a pour effet de conférer au créancier le droit de se faire payer par préférence sur le prix de réalisation dudit bien.

TITRE PREMIER

REPOBLIKAN'NY MADAGASIKARA

Tanindrazana-Fahafahana-Fandrosoana

FIADIDIANA NY REPOBLIKA

LALANA LAHARANA FAHA-2003-041 mikasika ny antoka

LOHATENY SAVARANONANDO

Famaritana sy sehatra ampiarana

Andininy volalohany – Ny antoka dia ireo fitaovana araka ny lalàna omena ireo tompon-trosa amin'ny alalàn'ny lalàna na fifaneken'ny roa tonta mba hiantohana ny fanatanterahana ny andraikitra nifanarahana mialoha sy ny hiarovana ny mety tsy fandoavan-trosa ny ananan-trosa.

Lalàna manokana no hisahana ny antoka mikasika ny fizakan-jo momba ny rano mamy, an-dranomasina sy anabakabaka

And. 2 – Ny antoka ataon'olona dia ny fandraisan'andraikitra ataon'ny olona iray mba hanatanteraka ny andraikitra ny ananan-trosa fototra raha tsy afa-manatanteraka izany izy.

Ny antoka atao amin'ny fananana dia ny fandraisan'andraikitra ataon'ny olona iray hanondro fanana iray, manaraka na mitoetra mba ho fiantohana ny aikitra ny ananan-trosa fototra sy mba hanan'ny tompon-trosa zo ananan-tombony hisafidy amin'ny vidin'ilay fananana hamidy.

LOHATENY VOALOHANY

LES SURETES PERSONNELLES

Art.3. Les sûretés personnelles comprennent principalement:

1. le cautionnement;
2. la garantie indépendante ou garantie autonome ou garantie à première demande;
3. la lettre d'intention.

CHAPITRE PREMIER

LE CAUTIONNEMENT

Art.4.Le cautionnement est un contrat par lequel un tiers, appelé caution, s'engage envers le créancier à exécuter l'obligation du débiteur principal si celui-ci n'y satisfait pas lui-même.

Cet engagement peut être contracté sans ordre du débiteur et même à son insu.

SECTION PREMIERE

Nature et étendue du cautionnement

Art.5. Le cautionnement ne peut exister que sur une obligation valable.

Toutefois, il est possible de cautionner, en toute connaissance de cause, les engagements d'un incapable.

La confirmation par le débiteur d'une obligation entachée de nullité relative ne lie pas la caution, sauf renonciation expresse de la part de cette dernière à se prévaloir de cette nullité.

Art.6. Le cautionnement ne peut excéder ce qui est dû par le débiteur, ni être contracté sous des conditions plus onéreuses.

Le cautionnement qui excède la dette ou qui est contracté sous des conditions plus onéreuses, n'est point nul: il est seulement réductible à la mesure de l'obligation principale.

Il peut être contracté pour une partie de la dette seulement, et sous des conditions

IREO ANTOKA ATAON'OLONA

And. 3 – Ny antoka ataon'olona dia ahitana indrindra :

- 1° Ny fiantohana
- 2° Ny antoka tsy mainkina na antoka mahaleotena na antoka azo takiana avy hatrany
- 3° Ny taratasy filazan-kevitra

TOKO VOALOHANY

Ny fiantohanana

And. 4 – Ny fiantohana dia fifanekena ataon'olon-kafa ivelany, antsoina hoe “mpiantoka” izay manankim-bolana amin'ny tompon-trosa mba hamita ny aikitrosan'ny ananan-trosa fototra raha tsy afaka manome fahafaham-po azy izy tenany.

Izany ankibolana izany dia mety atao na dia tsy misy baikon'ny ananan-trosa ary na dia tsy fantany aza.

Sokajy 1

Ny toetra sy ny famerana ny fiantohana

And. 5 - Ny fiantohana dia tsy afaka hisy raha tsy amina aikitrosa azo ekena

Na izany aza dia azo atao ny miantoka amim-pahalalana, ny ankibolana ataon'olona tsy manana fizakan-jo.

Ny fanamafisana ataon'ny ananan-trosa ny aikitrosa iray misy hafoanana iadian-kevitra dia tsy mamatotra ny mpiantoka, raha tsy toa ka manao fanatsoahana mazava izy ny amin'ny tsy ampiasany io fahafoanana io.

And. 6 – Tsy afaka mihoatra izay tokony aloan'ny ananan-trosa ny fiantohana, na ho raiketana miaraka amin'ny fepetra avo vidy noho ny tombany.

Ny fiantohana izay mihoatra ny trosa, na izay natao miaraka amin'ny fepetra avo vidy noho ny tombany, dia tsy foana : ahena fotsiny izy io araka ny aikitrosa fototra.

Tsy azo raiketana ho an'ny ampahan-trosa fotsiny izy io, ary miaraka amin'ny fepetra latsa-bidy noho ny tombany.

moins onéreuses.

Art.7. Indépendamment de l'article 4 alinéa 1, on peut aussi se rendre caution d'une personne qui s'est portée caution. La caution ainsi constituée porte le nom de Certificateur de caution.

Art.8. La caution peut garantir son engagement en consentant une sûreté réelle sur un ou plusieurs de ses biens. Elle peut limiter son engagement à la valeur de réalisation du ou des biens sur lesquels elle a consenti une telle sûreté.

Art 9. Le cautionnement ne se présume pas.

A peine de nullité, il doit être convenu de façon expresse entre la caution et le créancier.

Art 10. Le cautionnement doit être constaté dans un acte comportant la signature des deux parties et la mention écrite de la main de la caution de la somme maximale garantie en chiffres et en toutes lettres. En cas de différence, le cautionnement vaut pour la somme exprimée en lettres.

A défaut de mention d'une somme, la caution doit, sous forme quelconque, mais de façon explicite et non équivoque, exprimer dans la mention manuscrite la connaissance de la nature et de l'étendue de l'obligation qu'elle contracte.

Si la caution ne sait ou ne peut écrire, l'acte de cautionnement est passé sous la forme authentique ou authentifiée.

A l'égard des commerçants, le cautionnement peut être prouvé par tous moyens.

Art 11. Le cautionnement d'une obligation s'étend, outre le principal, à tous les accessoires de la dette et aux frais de recouvrement de la créance y compris ceux postérieurs à la dénonciation qui en est faite à la caution.

Lorsque la caution s'est seulement obligée pour une somme déterminée en principal, son engagement ne s'étend pas aux intérêts et accessoires.

Art 12. Le cautionnement général de dettes du débiteur principal, sous la forme d'un cautionnement de tous engagements, du solde débiteur d'un compte courant ou sous toute autre forme, ne s'entend, sauf clause contraire expresse, que de la

And. 7 – Ivelan'ny voalazan'ny andininy faha-4 andalana voalohany, azo atao ny miantoka olona iray izay efa nilatsaka ho mpiantoka. Mitondra ny anarana ho mpanamarina ny antoka izany mpiantoka izany.

And. 8 – Ny mpiantoka dia afaka miantoka ny ankibolany izay nataony amin'ny alalan'ny antoka atao amin'ny fananana iray na maro amin'ireo fananany. Azony atao ny mametra ny ankibolany amin'ny tombam-bidin'ilay na ireo fananana izay nanekeny izany antoka izany.

And. 9 - Tsy azo heverina ny fiantohana

Mba tsy ho tratry ny fanafoanana, tokony atao amin'ny fomba mazava ny fifanarahana ataon'ny mpiantoka sy ny tompon-trosa.

And. 10 - Ny fiantohana dia tokony raiketina an-tsoratra voasonian'ny roa tonta sy misy ny filazana voasoratra ny mpiantoka mikasika ny vola farafahabetsany iantohana soratana arak'isa sy an-tsoratra. Raha toa ka misy elanelana, ny fiantohana dia manankery hoan'ny sora-bola voalaza an-tsoratra.

Raha toa tsy nisy izany filazana sora-bola izany, ny mpiantoka, na amin'ny endriny inona na inona, fa amin'ny fomba mazava sy tsy miolankolana dia tokony hanambara amin'ny filazana nosoratana ny toetra sy ny famerana ny aikitrosa nekeny.

Raha toa ny mpiantoka tsy mahay na tsy afaka manoratra, atao amin'ny fomba tsy iadian-kevitra na soratra notoavina ny soram-panekem-piantohana. Amin'ny mpivarotra, azo porofoina amin'ny fomba rehetra ny fiantohana.

And. 11 – Ankoatra ny renivola, ny fiantohana aikitrosa dia miantoka izay kojakojan'ny trosa rehetra sy saram-pitakiana ny trosa ao anatin'izany ireo taorian'ny fampilazana izay natao tamin'ny mpiantoka. Rehefa tsy nanankim-bolana afa tsy ho an'ny mari-bola vaofetra amin'ny renivola ny mpiantoka, ny ankibolana izay nataony dia tsy miantoka ny zana-bola sy ny kojakoja.

And. 12 – Afa tsy ireo fepetra mifanohitra voalaza mazava, ny fiantohana faobe an'ireo trosan'ny ananan-trosa fototra natao tamin'ny endrika fiantohana ny ankibolana rehetra, dia tsy mihatra afa-tsy amin'ny antoky ny trosa nifanekena mivantana sy ny kojakojanya. Mba tsy ho tratry ny fahafoanana, izany dia tokony ifanarahana hoan'ny

garantie des dettes contractuelles directes et de leurs accessoires. Il doit être conclu, sous peine de nullité, pour une somme maximale librement déterminée entre les parties, incluant le principal et tous accessoires.

Sauf clause contraire, le cautionnement général ne garantit pas les dettes du débiteur principal antérieures à la date du cautionnement.

Sauf clause contraire, le cautionnement général peut être renouvelé lorsque la somme maximale est atteinte. Le renouvellement doit être exprès; toute clause contraire est réputée non écrite.

Le cautionnement général peut, être révoqué à tout moment par la caution avant que la somme maximale garantie n'ait été atteinte. Tous les engagements du débiteur garanti, nés avant la révocation, restent garantis par la caution même s'ils ne sont devenus exigibles qu'ultérieurement par l'effet de la clôture du compte.

Art 13. Les engagements de la caution passent à ses héritiers et légataires si l'engagement était tel que la caution y aurait été obligée de son vivant.

Art 14. Le débiteur obligé à constituer une caution doit en présenter une qui ait la capacité de contracter et présenter des garanties de solvabilité pouvant répondre de l'objet de l'obligation.

La solvabilité d'une caution s'apprécie en tenant compte de tous les éléments de son patrimoine.

Art 15. Lorsque la caution reçue par le créancier, volontairement ou en justice est ensuite devenue insolvable, le débiteur doit en constituer une autre.

Cette règle reçoit exception dans le cas seulement où la caution n'a été donnée qu'en vertu d'une convention par laquelle le créancier a exigé une telle personne pour caution.

Art 16. La caution doit élire domicile dans le ressort territorial du tribunal de première instance où elle doit être constituée, sauf dispense du créancier ou de la

mari-bola izay feran'ny roa tonta amin-kalalahana, ao anatin'izany ny renivola sy izay kojakoja rehetra.

Afa tsy amin'ny fepetra mifanohitra, ny fiantohana faobe dia tsy miantoka ny trosan'ny ananan-trosa fototra nisy mialoha ny vaninandron'ny fiantohana,.

Afa tsy amin'ny fepetra mifanohitra, azo havaozina ny fiantohana faobe rehefa tratra ny fetra farany ambony amin'ny mari-bola. Tsy maintsy soratana mazava ny fanavaozana : lazain-ko tsy voapandry an-tsoratra izay rehetra famarafaran-teny amin'izany. Alohan'ny hatratrarana ny fetra farany ambony amin'ny mari-bola niantohana, azo atao amin'ny fotoana inona na amin'ny fotoana inona ny mangataka fanafoanana ny fiantohana faobe.

Ny ankibolana rehetra ny ananan-trosa niantohana teraka mialoha ny fanafoanana ny fiantohana dia mijanona hiantohan'ny mpiantoka na dia lasa tsy azo takiana raha tsy aorian'ny fiafaran'ny kaonty.

And. 13 – Mihatra amin'ny mpandova sy ny tolarana lova sy ankibolan'ny mpiantoka raha toa ka nanaiky izany ankibolana izany izy fony fahavelony.

And. 14 – Ny ananan-trosa voatery maka mpiantoka dia tokony hanolotra iray izay manana antoka fananan-kaloa afaka hamaly ny anton'ny aikitrosa.

Ny fananan-kaloan'ny mpiantoka iray dia tombanana araka ny singa-fototra rehetra mitambatra ho fananany.

And. 15 - Raha toa ka ny mpiantoka izay noraisin'ny tompon-trosa lasa tsy nanan-kaloa, an-tsitrabo na didian'ny fitsarana, ny ananan-trosa dia tsy maintsy manolotra iray hafa.

Izany fitsipika izany dia azo tsy arahina amin'ny toe-javatra izay tsy nanomezana ny fiantohana raha tsy amin'ny fifanarahana izay nanondro olona iray ho mpiantoka ihany.

And. 16 - Ankoatra ny fanomezana alalana omen'ny tompon-trosa na ny fitsarana mahefa, ny mpiantoka dia tsy maintsy manondro fonenana ao anaty fari-piadian'ny

jurisdiction compétente.

SECTION II

Effets du cautionnement

Sous -section 1

Effets entre le créancier et la caution

Art.17. Le cautionnement est réputé solidaire.

Il est simple lorsqu'il en est ainsi décidé expressément par la convention des parties, par les usages ou par la loi.

Sauf clause contraire, le certificateur de caution est solidaire de la caution.

Art.18. La caution n'est tenue de payer la dette qu'en cas de non paiement par le débiteur principal.

Le créancier ne peut entreprendre de poursuites contre la caution qu'après une mise en demeure de payer, restée sans effet, adressée au débiteur.

La prorogation du terme accordée au débiteur principal par le créancier doit être notifiée par ce dernier à la caution. Celle-ci est en droit de refuser le bénéfice de cette prorogation et de poursuivre le débiteur pour le forcer au paiement ou obtenir une garantie ou une mesure conservatoire.

Nonobstant, toute clause contraire, la déchéance du terme ,accordé au débiteur principal ne s'étend pas automatiquement à la caution qui ne peut être requise de payer qu'à l'échéance fixée dans le contrat de cautionnement.

Toutefois, la caution encourt la déchéance du terme si, après mise en demeure,

fitsarana ambaratonga voalohany izay tokony anaovany ny fiantohana .

Sokajy 2

Vokatry ny fiantohana

Zana-tsokajy 1

Vokatra eo amin'ny tompon-trosa sy ny mpiantoka

And. 17 – Lazain-ko iombonana ny fiantohana.

Tsotra ny fiantohana rehefa notapahina mazava tamin'ny alalan'ny fifanarahan'ny andanininy sy ny ankilany, araky ny fombafomba na araky ny lalàna.

Afa tsy amin'ny famarafaran-teny mifanohitra, ny mpanamarina ny fiantohana dia miombon-andraikitra amin'ny mpiantoka.

And. 18 – Tsy voatery handoa trosa ny mpiantoka raha tsy efa tsy afaka mandoa ny trosany ny ananan-trosa fototra.

Tsy afaka manao fanenjehana ny mpiantoka ny tompon-trosa raha tsy aorian'ny fanerena handoa, nijanona tsy nisy vokany , nalefa tany amin'ny ananan-trosa.

Ny fanalavana ny fe-potoana nomena ny ananan-trosa fototra, dia tsy maintsy ampahafantarin'ny 'ny tompon-trosa ny mpiantoka. Manan-jo handa izany fanalavana izany izy ary hanenjika ny ananan-trosa mba hanerena azy handoa na mba ahazoana antoka na fepetra vonjy maika ho fitandrom-pananana.

Na dia eo aza izay mety ho fepetra mifanohitra amin'izany, ny tsy fanajana ny paik-andro nomena ny ananan-trosa dia tsy misy fiantraikany amin'ny mpiantoka avy hatrany izay tsy azo terena handoa ny trosa raha tsy amin'ny fotoana voatondro ao anatin'ny fifanekem-piantohana.

elle ne satisfait pas à ses propres obligations à l'échéance fixée.

Art.19. Le créancier doit aviser la caution de toute défaillance du débiteur, déchéance ou prorogation du terme en indiquant le montant restant dû par lui en principal, intérêts et frais au jour de la défaillance, déchéance ou prorogation du terme.

Lorsque le cautionnement est général, le créancier est tenu, dans le mois qui suit le terme de chaque trimestre civil, de communiquer à la caution l'état des dettes du débiteur principal précisant leurs causes, leurs échéances et leurs montants en principal, intérêts, commissions, frais et autres accessoires restant dus à la fin du trimestre écoulé, en lui rappelant la faculté de révocation par reproduction littérale des dispositions de l'article 12 et du présent article.

A défaut d'accomplissement des formalités prévues au présent article, le créancier est déchu vis-à-vis de la caution, des intérêts échus depuis la date de la précédente information jusqu'à la date de communication de la nouvelle information, sans préjudice des dispositions prévues à l'article 27.

Toute clause contraire aux dispositions du présent article est réputée non écrite.

Art.20 – Le créancier ne peut poursuivre la caution simple ou solidaire qu'en appelant en cause le débiteur principal.

Art.21 – La caution est tenue de la même façon que le débiteur principal. Lorsque plusieurs personnes se sont rendues caution d'un même débiteur pour une même dette, elles sont obligées chacune à toute la dette. La caution solidaire est tenue de l'exécution de l'obligation principale dans les mêmes conditions qu'un débiteur solidaire.

Art.22 – La caution solidaire ne dispose pas du bénéfice de discussion.

Na izany aza mihatra amin'ny mpiantoka ny fahataperan'ny fetr'andro, raha, aorian'ny fanerena handoa, tsy manantateraka ny ankibolany manokana izy amin'ny andro voatondro.

And. 19 – Ny tompon-trosa dia tsy maintsy mampahafantatra ny mpiantoka, ny tsy fahavitan'ny ananan-trosa ny aikitrosany, ny fahataperana na ny fanalavana ny fe-potoana ary manondro ny tontalin'ny vola sisa tokony haloa amin'ny renivola, ny zana-bola ary ny sarany amin'ny fotoana tsy fahavitana, tsy fisehoana amin'ny andro voatondro na fanalavana ny fe-potoana.

Rehefa faobe ny fiantohana, ny tompon-trosa dia tsy maintsy, ao anatin'ny volana manaraka ny faran'ny isan-telo volana, mandefa any amin'ny mpiantoka ny fipetraky ny trosan'ny ananan-trosa fototra izay milaza mazava ny antony, ny paik'andro, sy ny tetibidin'ny renivola, zana-bola,(commissions), sarany ary kojakoja hafa tokony mbola aloa amin'ny faran'ny isan-telo volana lasa, sady mampatsiahy azy ny fahafahana manafonana araky ny fampiharana ara-baki-teny ny fepetra ao amin'ny andininy faha-12 sy ity andininy ity.

Tsy azo tohintonina ny fepetra voatondron'ny andininy faha-27, raha toa tsy vita ireo fomba fomba amam-pitsipika voalazan'ity andininy ity, ny tompon-trosa dia tsy manampahefana hitaky amin'ny mpiantoka, ny zana-bola tokony ho azo manomboka ny vaninandro ny fampahafantarana teo aloha ka hatramin'ny vaninandro nandefasana ny fampahafantarana vaovao,

Lazain-ko tsy voapandry an-tsoratra izay rehetra famarafaran-teny mifanohitra amin'ny fepetra voatondron'ity andininy ity..

And. 20 - Tsy afaka manao fanenjehana ny mpiantoka tsotra na iombonana ny tompon-trosa raha tsy mampiditra ny ananan-trosa fototra ao anatin'ny ady.

And. 21 - Mitovy amin'ny andraikitra ny ananan-trosa fototra ny andraikitra ny mpiantoka.

Raha toa ka maromaro ny olona nirotsaka ho mpiantoky ny ananan-trosa iray amin'ny trosa iray dia manan'andraikitra amin'ny trosa manontolo izy tsirairay avy.

Ny mpiantoka mpiombon'antoka dia tsy maintsy manantanteraka ny andraikitra fototra mitovy fepetra ohatry ny ananan-trosa mpiombon'andraikitra.

Art. 23 – Sur premières poursuites dirigées contre elle, la caution simple peut, à moins qu'elle n'ait expressément renoncé au bénéfice de discussion, exiger la discussion du débiteur principal.

Dans ce cas, elle doit indiquer au créancier les biens du débiteur principal, et consigner les deniers suffisants pour le paiement intégral de la dette.

Elle doit, en outre, avancer les frais de discussion ou consigner la somme nécessaire arbitrée par la juridiction compétente à cet effet.

Art.24 – Toutes les fois que la caution a fait l'indication de biens autorisée par l'article précédent, et fourni les deniers suffisants pour la discussion, le créancier est responsable à l'égard de la caution, jusqu'à concurrence des biens indiqués, de l'insolvabilité du débiteur principal survenue par le défaut de poursuites.

Art.25 – Lorsque plusieurs personnes se sont rendues caution d'un même débiteur pour une même dette, chacune d'elles peut, sauf stipulation de solidarité entre elles ou renonciation par elles au bénéfice de division, exiger que le créancier divise préalablement son action, et la réduise à la part et portion de chaque caution.

Lorsque, au moment où une des cautions a fait prononcer la division, il y en avait d'insolvables, cette caution est tenue proportionnellement de ces insolvabilités; mais elle ne peut plus être recherchée à raison des insolvabilités survenues depuis la division.

Art.26 – Le créancier qui divise lui-même et volontairement son action ne peut revenir sur cette division, même s'il y a eu des cautions insolvables antérieurement ou au moment où il l'a consentie.

Art.27 – La caution ou le certificateur de caution peut opposer au créancier toutes les exceptions inhérentes à la dette qui appartiennent au débiteur principal et tendent à réduire, éteindre ou différer la dette sous réserve des dispositions de l'article 6 et de l'article 19 alinéas 3 et 4 et des remises consenties au débiteur dans le cadre des procédures collectives d'apurement du passif.

La caution simple ou solidaire est déchargée quand la subrogation aux droits et

And. 22 – Tsy manana tombon-tsoa hiady hevitra ny mpiantoka mpiombon'andraikitra.

And. 23 – Amin'ny fanenjehana voalohany atao azy, ny mpiantoka tsootra dia afaka mangataka hiady hevitra amin'ny ananan-trosa fototra, afa tsy raha toa izy ka nilaza mazava fa mitsoaham-pahana tsy hampiasa ny tombon-tsoa hiady hevitra.

Amin'izany, dia tokony ho tondroiny amin'ny mpiantoka ny fananan'ny ananan-trosa fototra sy apetrany ho tahirizina ny vola ampy handoavana ny trosa manontolo.

Ankoatr'izany tokony aloany mialoha ny saran'ny ady hevitra na apetrany ho tahirizina ny vola ilaina nohamarinin'ny fitsarana mahefa amin'izany.

And. 24 – Amin'ny fotoana rehetra izay hanaovan'ny mpiantoka ny fanondrona fananana izay nomena alalana araka ny andininy teo aloha, sy ny nanomezany ny vola sahaza hoa ny fiadian-kevitra, ny tompon-trosa dia manan'andraikitra amin'ny mpiantoka, arakaraka ny fananana voatondro, amin'ny tsy fahadoavan-trosa ny ananan-trosa fototra izay niseho noho ny tsy fisian'ny fanenjehana.

And. 25 – Raha toa maromaro ny olona nilatsaka ho mpiantoky ny ananan-trosa iray hoan'ny trosa iray, ny tsirairay avy amin'izy ireo dia, raha tsy misy fifanarahana iarahan'izy ireo na ny fitsoaham-pahana ataon'izy ireo amin'ny tombontsoa afahana mizara, afaka mitaky amin'ny tompon-trosa ny hizarany mialoha ny fitakiany, sy ny hitsinjarany ny anjara sy ny ampahany hoan'ny mpiantoka tsirairay avy. Raha toa, amin'ny fotoana nampamoahan'iray taminireo mpiantoka ny fizarana, nisy tsy nanan-kalao, izany mpiantoka izany dia tompon'andraikitra arakaraka izany tsy fananan-kalao izany ; nefa izy kosa dia tsy azo tadiavina intsony noho ireo tsy fananan-kalao miseho aty aorian'ny fizarana.

And. 26 – Ny tompon-trosa izay nizara izy tenany ihany ary an-tsitrapo ny fitakiany dia tsy afaka intsony miverina amin'izany fizarana izany, eny na dia nisy aza mpiantoka tsy nanan-kalao mialoha na tamin'ny fotoana nanapahany hevitra.

And. 27 – Ny mpiantoka na ny mpanamarina ny finatohana dia afaka mitondra eo anatrehan'ny tompon-trosa ireo fanasinganana mikasika ny trosan'ny ananan-trosa fototra ary mety hampihena, hanafoana na hampihemotra ny trosa na eo aza ny fepetra voalazan'ny andininy faha-6 sy ny andininy faha 19 andalana faha 3 sy faha 4

garanties du créancier ne peut plus s'opérer en sa faveur par le fait du créancier.
Si le fait reproché au créancier limite seulement cette subrogation, la caution est déchargée à concurrence de l'insuffisance de la garantie conservée.

Sous-section 2

Effets entre le débiteur et la caution

Art.28. La caution doit aviser le débiteur principal ou le mettre en cause avant de payer la dette au créancier poursuivant.

Art.29. La caution qui a payé, a son recours contre le débiteur principal, que le cautionnement ait été donné au su ou à l'insu du débiteur. Ce recours a lieu tant pour le principal que pour les intérêts et les frais engagés depuis qu'elle a dénoncé au débiteur principal les poursuites dirigées contre elle.
Elle peut, en outre, réclamer des dommages-intérêts pour réparation du préjudice subi du fait des poursuites du créancier.
S'il y a eu cautionnement partiel, le créancier ne peut, pour le reliquat, être préféré à la caution qui a payé et agi en vertu de son recours personnel. Toute clause contraire est réputée non écrite.

Art.30. La caution qui a payé la dette est subrogée dans tous les droits que le créancier avait contre le débiteur.

Art.31. Lorsqu'il y avait plusieurs débiteurs principaux solidaires d'une même dette, la caution qui les a tous cautionnés a, contre chacun d'eux, le recours pour la répétition du total de ce qu'elle a payé. Si les débiteurs sont tenus d'une dette conjointe, la caution doit diviser son recours.

Art.32. Si la caution a payé sans avoir averti ou mis en cause le débiteur principal, elle perd son recours contre lui:
- si au moment du paiement par elle ou postérieurement à ce paiement, le débiteur avait moyen de faire déclarer la dette éteinte;
- ou s'il avait payé dans l'ignorance du paiement de la caution.
Néanmoins, la caution conserve son action en répétition contre le créancier.

sy ny vola natolotra ny ananan-trosa tamin'ny alalan'ny fampiharana ny paik'ady iombonana momba ny fandiovan-trosa.

Ny fiantohana tsotra na iombonana dia afaka rehefa tsy azo ampiasaina ho azy intsony, nohon'ny hadisosany ny fisoloana amin'ireo zo sy antoky ny tompon-trosa

Raha toa ny zavatra iampangana ny tompon-trosa azo ferana amin'izany fisoloana fotsiny, ny mpiantoka dia afaka arakaraky ny tsy fahampian'ny antoka voatahiry.

Zana-tsokajy 2

Vokatra eo amin'ny ananan-trosa sy ny mpiantoka

And. 28 – Ny mpiantoka dia tokony hampahafantatra ny ananan-trosa fototra na hampiantso azy mivantana alohan'ny handovany ny trosa amin'ny tompon-trosa mpanaraka.

And. 29 – Ny mpiantoka izay nandoa dia afaka manao fitakiana any amin'ny ananan-trosa fototra, na fantany na tsy fantany ny nanomezana ny fiantohana. Izany fitakiana izany dia afaka atao na hoan'ny renivola na ihany koa ho an'ny zanabola sy sarany lany nanomboka ny nampahafantarany ny ananan-trosa fototra ny fanenjehana natao taminy.

Afaka izy, ankoatr'izany, mitaky onitra mba ho fanonerana ny fahavoazana vokatry ny fanenjehan'ny tompon-trosa.

Raha toa ka nisy fiantohana ampahany, ny tompon-trosa dia tsy afaka, hoan'ny ambiny, ahazo tombony hisafidy noho ny mpiantoka izay nandoa sy nanao ny fitakiany mivantana. Lazain-ko tsy voapandry an-tsoratra ny famarafaran-teny mifanohitra amin'izany.

And. 30 – Ny mpiantoka izay nandoa ny trosa dia mandray ny zo rehetra izay nananan'ny tompon-trosa tamin'ny ananan-trosa.

And. 31 – Raha toa nisy maromaro ny ananan-trosa fototra miombon'andraikitra amin'ny trosa iray, ny mpiantoka izay niantoka azy rehetra dia afaka, amin'izy tsirairay avy, mitaky ny hamerenana ny tontalin'izay efa naloany. Raha toa ny ananan-trosa voatery handoa trosa iarahana tokony ho zarain'ny mpiantoka ny fitakiany.

And. 32 - Raha nandoa ny trosa nefa tsy nahapanfantatra na nampiantso mivantana ny ananan-trosa fototra ny mpiantoka, dia tsy afaka mitaky aminy izy :
- raha tamin'ny fotoana nandoavany ny trosa na taorian'izany fandoavan-trosa

Art.33. La caution, même avant d'avoir payé, peut agir contre le débiteur, pour être par lui indemnisée:

1. lorsqu'elle est poursuivie en justice pour le paiement;
2. lorsque le débiteur est en état de cessation des paiements ou est en déconfiture;
3. lorsque le débiteur ne l'a pas déchargé dans le délai convenu;
4. lorsque la dette est devenue exigible par l'échéance du terme sous lequel elle avait été contractée.

Sous- section 3

Effets entre les cautions

Art.34. Lorsque plusieurs personnes ont cautionné un même débiteur pour une même dette, la caution qui a acquitté la dette, a recours contre les autres cautions, chacune pour sa part et portion.

Art.35. Les recours du certificateur de caution contre la caution certifiée sont soumis aux dispositions des articles 28 à 33.

SECTION III

Extinction du cautionnement

Art.36. L'obligation qui résulte du cautionnement s'éteint par les mêmes causes que les autres obligations telles que définies par la loi sur la Théorie Générale des Obligations.

L'extinction partielle ou totale de l'obligation principale entraîne, dans la même mesure, celle de l'engagement de la caution.

La novation de l'obligation principale par changement d'objet ou de cause ainsi que la modification des modalités ou sûretés dont elle était assortie, libèrent la caution à moins que celle-ci n'accepte de reporter sa garantie sur sa nouvelle dette.

Toute clause contraire stipulée avant la novation est réputée non écrite.

izany, ny ananan-trosa dia tsy afaka nanambara ny fanafoanana ny trosa.
- na raha nandoa ny trosany izy tao anatin'ny tsy fahafantarana ny fandoavan-trosa nataon'ny mpiantoka.
Na izany aza anefa, ny mpiantoka dia afaka mitaky amin'ny tompon-trosa ny famerenana ny volany.

And. 33 - Ny mpiantoka, na dia alohan'ny handovana trosa, dia afaka mitaky amin'ny ananan-trosa, mba afahany mahazo onitra :

1° rehefa toriana eny aminy fitsarana izy mba handoa ny trosa ;

2° rehefa tsy afaka mandoa trosa na tsy manan-kalao ny ananan-trosa.

3° rehefa tsy nanala azy amin'ny fandoavan-trosa tao anatin'ny fe-potoana nifanarahana ny ananan-trosa ;

4° rehefa lasa azo takiana ny trosa noho ny fahatongavanny fe-potoana izay nifanarahana.

Zana-tsokajy 3

Vokatra eo amin'ny samy mpiantoka

And. 34 – Rehefa maromaro ny olona niantoka ananan-trosa iray mitovy ho an'ny trosa iray mitovy, ny mpiantoka izay nandoa ny trosa dia afaka mitaky amin'ireo mpiantoka hafa, arakaraky ny anjarany sy ny ampahany tsirairay avy.

And. 35 – Ny fitakian'ny mpanamarina ny fiantohana amin'ny mpiantoka namarinina dia tsy maintsy manaraka ny fepetra ao amin'ny andininy 28 ka hatramin'ny 33.

Sokajy 3

Fanafoanana ny fiantohana

And. 36 – Ny andraikitra izay ateraky ny fiantohana dia foana araka ny antony mitovy aminy andraikitra hafa izay voafaritry ny lalàna mikasika ny (théorie générale des obligations).

Ny fahafoanana ampahany na manontolo ny andraikitra fototra dia mitarika, amin'ny lafiny mitovy, ny fahafoanan'ny ankibolan'ny mpiantoka.

Ny fanovana ny andraikitra fototra amin'ny alalan'ny fanoloana ny zavatra na ny antony ary ny fanovana ny fombafomba arahina na ny antoka izay miaraka aminy, dia manafaka ny mpiantoka raha tsy nisy fanekeny handefa ny fiantohany amin'ny trosa

Art.37. La confusion qui s'opère dans la personne du débiteur principal et de sa caution, lorsqu'ils deviennent héritiers l'un de l'autre, n'éteint point l'action du créancier contre le certificateur de la caution.

Art.38. La caution peut opposer au créancier toutes les exceptions qui appartiennent au débiteur principal, et qui sont inhérentes à la dette.

Mais elle ne peut opposer les exceptions qui sont purement personnelles au débiteur.

Art.39. La caution est déchargée lorsque la subrogation aux droits, hypothèques et privilèges du créancier ne peut plus, par le fait de ce créancier, s'opérer en faveur de la caution.

L'engagement de la caution disparaît indépendamment de l'obligation principale:

1. lorsque, sur poursuites dirigées contre elle, la caution Excipe de la compensation pour une créance personnelle;

2. lorsque le créancier a consenti une remise de dette à la seule caution;

3. lorsque la confusion s'opère entre la personne du créancier et de la caution.

Toute clause contraire aux dispositions du présent article est réputée non écrite.

Art.40. L'acceptation volontaire, constatée par un écrit, que le créancier a faite d'un immeuble ou d'un effet quelconque en paiement de la dette principale décharge ta caution, même si par la suite le créancier en est évincé. Toute clause contraire est réputée non écrite.

SECTION IV

Caution légale et judiciaire

Art.41. Toutes les fois qu'une personne est obligée par la loi ou par décision judiciaire à fournir une caution, celle-ci doit remplir les conditions prescrites par les

vaovao.

Lazain-ko tsy voapandry an-tsoratra ny famafaran-teny mifanohitra nifanarahana alohan'ny fanovana.

And. 37 – Ny fifangaroana misy eo amin'ny ananan-trosa sy ny mpiantoka azy, rehefa mifandova izy ireo, dia tsy manafoana ny fitakiana ataon'ny mpiantoka amin'ny mpanamarina ny fiantohana.

And. 38 – Azo atohitry ny mpiantoka amin'ny tompon-trosa ny fanasinganana rehetra an'ny ananan-trosa izay mikasika ny trosa.

Nefa izy dia tsy afaka manatohitra ireo fansinganana izay an'ny ananan-trosa manokana.

And. 39 – Ny mpiantoka dia afak'andraikitra rehefa ny fisoloana amin'ny zo, antoka fanana-mitoetra, tombon-jo ny tompon-trosa dia tsy azo intsony hampiasaina ho tombon-tsoan'ny mpiantoka., noho ny zavatra nataon'ny tompon-trosa

Foana tsy misy ifandraisany amin'ny andraikitra fototra ny ankibolan'ny mpiantoka :

1° rehefa, tamin'ny fanenjehana izay natao azy, ny mpiantoka dia nanapoitra fifandesena amin'ny trosany manokana ;

2° rehefa ny tompon-trosa dia nanaiky nanolotra ny trosa amin'ny mpiantoka irery.

3° rehefa miseho eo amin'ny tenan'ny tompon-trosa sy ny mpiantoka ny fifannjevona .

Lazain-ko tsy voapandry an-tsoratra ny famarafaran-teny mifanohitra amin'ny fepetra voalazan'ity andininy ity.

And. 40 – Ny fandraisana an-tsitra-po, noraiketina an-tsoratra, izay nataon'ny tompon-trosa tamina fanana-mitoetra na izay fananana hafa nentina handoavana ny trosa fototra dia manafaka andraikitra ny mpiantoka, na dia aorian'izany resy ny tompon-trosa. Ny famarafaran-teny mifanohitra amin'izany dia lazain-ko tsy voapandry an-tsoratra.

Sokajy 4

articles 14 et 15.

Art.42. Celui qui ne trouve pas une caution peut constituer un nantissement suffisant.

Art.43. La caution légale ou judiciaire ne peut pas demander la discussion du débiteur principal.

Art.44. Le certificateur d'une caution judiciaire ne peut demander la discussion du débiteur principal et de la caution.

CHAPITRE II

LES GARANTIES INDEPENDANTES

Art.45. Une garantie indépendante, encore appelée garantie autonome ou garantie à première demande, est un engagement de payer une certaine somme, pris en considération d'un contrat de base et à titre de garantie de son exécution. Cet engagement constitue une obligation autonome et se caractérise par l'inopposabilité des exceptions tirées du contrat de base.

Art.46. La garantie indépendante peut s'exprimer sous la forme d'une lettre de garantie ou de contre-garantie.

La lettre de garantie est une convention par laquelle à la requête ou sur instructions du donneur d'ordre, le garant s'engage à payer une somme déterminée au bénéficiaire, sur première demande de ce dernier.

La lettre de contre-garantie est une convention par laquelle, à la requête ou sur instructions du donneur d'ordre, le contre-garant s'engage à payer une somme déterminée à un garant de premier rang dit garant de premier ordre sur première demande de ce dernier.

Art.47. Les lettres de garantie et de contre-garantie peuvent être souscrites par des personnes morales ou physiques.

Art.48. Les conventions de garantie et de contre-garantie ne se présument pas.

Mpiantoka didian'ny lalàna sy ny didian'ny fitsarana

And. 41 – Amin'ny fotoana rehetra haneren'ny lalana na didim-pitsarana olona iray haka mpiantoka, dia tsy maintsy mameno ny fepetra voatondron'ny andininy faha-14 sy 15 izy.

And. 42 – Afaka manao fametrahana ho antoka sahaza izay tsy mahita mpiantoka.

And. 43 – Ny mpiantoka didian'ny lalana na didian'ny fitsarana dia tsy afaka mangataka ny fiadian-kevitra ny ananan-trosa fototra.

And. 44 - Ny mpanamarina ny fiantohana didian'ny fitsarana dia tsy afaka mangataka ny fiadian-kevitra ny ananan-trosa fototra sy ny mpiantoka.

TOKO II

Ireo antoka tsy miankina

And. 45 – Ny antoka tsy miankina antsoina ihany koa antoka mahaleotena na antoka azo takiana avy hatrany dia ny ankibolana anekena handoavam-bola, izay mianga amin'ny fifanekena fototra ary natao mba ho fiantohana ny fanatanterahana izany. Izany ankibolana izany dia adidy aman'andraikitra mahaleotena ary miavaka amin'ny tsy fahafahana manatohitra ireo fanasinganana avy amin'ny fifanekena fototra.

And. 46 – Ny antoka tsy miankina dia afaka atao amin'ny alalan'ny taratasim-piantohana na taratasim-piantoham-mpiantoka.

Ny taratasim-piantohana dia fifanarahana iray izay amin'ny alalan'ny fitakiana na torohevitra ny mpanome baiko, ny mpiantoka dia manaiky handoa lelavola voafaritra mazava amin'ny nahazo tombontsoa araky ny fitakiana avy hatrany atao'ity farany.

Ny taratasim-piantoham-mpiantoka dia fifanarahana iray izay amin'ny alalan'ny fitakiana na torohevitra ny mpanome baiko, ny mpiantoka dia manaiky handoa lelavola voafaritra mazava amin'ny mpiantoka laharana voalohany antsoina hoe mpiantoka sokajy voalohany araky ny fitakiana avy hatrany atao'ity farany.

And. 47 – Ny isam-batan'olona na fikambanana mizaka ny zo isam-batan'olona dia

Elles doivent être constatées par un écrit mentionnant à peine de nullité:

1. la dénomination de lettre de garantie ou de contre-garantie à première demande;
2. le nom du donneur d'ordre;
3. le nom du bénéficiaire;
4. le nom du garant ou du contre-garant ;
5. la convention de base, l'action ou le fait cause de l'émission de, la garantie;
6. le montant maximum de la somme garantie;
7. la date d'expiration ou le fait entraînant l'expiration de la garantie;
8. les conditions de la demande de paiement;
9. l'impossibilité pour le garant ou le contre-garant de bénéficier des exceptions de la caution.

Art.49. Sauf clause contraire expresse, le droit à garantie du bénéficiaire n'est pas cessible.

Toutefois, l'incessibilité du droit à garantie n'affecte pas le droit du bénéficiaire de céder tout montant auquel il aurait droit en vertu du contrat de base.

Art.50. La garantie et la contre-garantie prennent effet à la date où elles sont émises sauf stipulation d'une prise d'effet à une date ultérieure.

Art.51 Le garant et le contre-garant ne sont obligés qu'à concurrence de la somme stipulée dans la lettre de garantie ou de contre-garantie sous déduction des paiements antérieurs faits par le garant ou le donneur d'ordre non contestés par le bénéficiaire.

Art.52. La demande de paiement doit résulter d'un écrit du bénéficiaire accompagné des documents prévus dans la lettre de garantie. Cette demande doit préciser que le donneur d'ordre a manqué à ses obligations envers le bénéficiaire et en quoi consiste ce manquement. Toute demande de contre-garantie doit être accompagnée d'une déclaration écrite du garant selon laquelle ce dernier a reçu une demande de paiement émanant du bénéficiaire, conforme aux stipulations des lettres de garantie et de contre-garantie.

afaka manao taratasim-piantohana sy taratasim-piantoham-mpiantoka.

And. 48 – Tsy azo heverina ny taratasim-piantohana sy taratasim-piantoham-mpiantoka. Tsy maintsy raiketina an-tsoratra izany ary ahitana, mba ialana amin'ny fahafoanana :

1° Ny anarana entin'ilay taratasim-piantohana na taratasim-piantoham-mpiantoka azo takiana avy hatrany ;

2° Ny anaran'ilay mpanome baiko ;

3° Ny anaran'ilay misitraka ;

4° Ny anaran'ilay mpiantoka na ny mpiantoka azy ;

5° Ny fiafanarahana fototra, ny asa na ny anton-javatra nahatonga ilay antoka ;

6° Ny tetibidy farany ambony ny lelavola iantohana ;

7° Ny vanim-potoana hiafarana na ny anton-javatra mety hitarika ny hiafaran'ny fiantohana ;

8° Ny fepetra takian'ny fangataham-pandoavana ;

9° Ny tsy fahazoan'ny mpiantoka na ny mpiantok'antoka ahazo tombontsoa avy amin'ny fanasinganana mikasika ny mpiantoka.

And. 49 - Afa tsy amin'ny fanarafaran-teny mifanohitra mazava, tsy azo afindra fitompom-pananana ny zo ateraky ny antoka an'ny misitraka. Na izany aza, ny tsy fahazoana mamindra ny fitompom-panana ny zo ateraky ny antoka dia tsy manohintohina ny zon'ny misitraka hamindra fitompom-pananana ny tetibidin' izay mety ho azony noho ny fifanekena fototra.

And. 50 – Ny fiantohana sy ny fiantohana mpiantoka dia manomboka manan-kery amin'ny vaninandro izay namoahana azy ireo raha tsy hoe misy famarafaran-teny mikasika izany izay manondro vaninandro hafa aoriana.

And. 51 – Ny mpiantoka sy ny mpiantoka azy dia tsy azo itanarahana ankoatra ny lelavola nifanarahana ao anatin'ny taratasim-piantohana na ny taratasim-piantoham-mpiantoka ary nanesorana ny fandoavan-trosa teo aloha izay nataon'ny mpiantoka na ny mpanome baiko izay tsy notoherin'ny misitraka.

And. 52 – Ny fangatahana fandoavan-trosa dia tsy maintsy hatao an-tsoratra ataon'ny misitraka ampanarahana ny taratasy voatondro ao anatin'ny taratasim-piantohana. Izany fangatahana izany dia tokony hanondro fa ny mpanome baiko izay tsy nahavita ny andraikiny tamin'ny misitraka ary ny anton'izany tsy fahavitana izany.

Ny fangatahana fiantohana ataon'ny mpiantoka dia tsy maintsy atao an-tsoratra

Toute demande de paiement au titre de la lettre de garantie ou de contre-garantie doit être faite au plus tard à la date d'expiration de celle-ci, accompagnée des documents spécifiés, au lieu d'émission de la garantie ou de la contre-garantie.

Art.53. Si la demande de paiement du bénéficiaire est manifestement abusive ou frauduleuse:

1. le donneur d'ordre peut faire défense de payer au garant ou au contre-garant;
2. le garant ou le contre-garant peut refuser le paiement.

Le juge des référés est compétent pour y statuer s'il n'y a pas contestation sérieuse de la part du bénéficiaire.

Art.54. Le garant ou le contre-garant qui a fait un paiement utile au bénéficiaire dispose des mêmes recours que la caution contre le donneur d'ordre.

Art.55. La garantie ou la contre-garantie cesse:

1. soit à jour calendaire spécifié ou à l'expiration du délai prévu;
2. soit à la présentation au garant ou au contre-garant des documents libératoires spécifiés dans la lettre de garantie ou de contre-garantie ;
3. soit sur déclaration écrite du bénéficiaire libérant le garant et le contre-garant de leur obligation.

CHAPITRE III

LES LETTRES D'INTENTION

Art.56. La lettre d'intention, encore appelée lettre de confort ou de patronage ou de recommandation, est un document par lequel un tiers exprime à un créancier en des termes variables et volontairement imprécis, son intention de soutenir son débiteur afin de lui permettre de remplir son engagement.

Art.57. En cas de difficultés dans l'interprétation de la volonté de l'auteur de la lettre d'intention, le juge appréciera et qualifiera en fonction des éléments en sa possession si l'engagement résultant de la lettre s'analyse en un simple engagement moral dépourvu de tout effet juridique, en un véritable cautionnement ou en une obligation de faire.

ampanarahana ny fanambarana an-tsoratra ataon'ny mpiantoka izay milaza fa ity farany dia nahazo fangatahana fandoavan-trosa avy amin'ny misitraka, izay mifanaraka amin'ny fepetra ao anatin'ireo taratasim-piantohana sy taratasy fiantoham-mpiantoka. .

Izay rehetra fangatahana fandoavan-trosa noho ny taratasim-piantohana na taratasim-fiantoham-mpiantoka dia tsy mainsty atao fara-fahatarany amin'ny vaninandro hataperan'izany, ampanarahana ny taratasy ilaina, eo amin'ny toerana hanaovana ny fiantohana na ny fiantohana mpiantoka.

And. 53 – Raha toa ka miharihary fa tafahoatra na misy fitaka ny fangatahana fandoavan-trosan'ny misitraka :

- ny mpanome baiko dia afaka manao fanakana ny fandoavan-trosa amin'ny mpiantoka na ny mpiantoka azy ;

- ny mpiantoka na ny mpiantoka azy dia afaka manda ny fandoavna-trosa.

Mahefa hitsara izany raha toa tsy misy fanakianana mari-pototra avy amin'ny misitraka, ny mpitsara ny ady maika.

And. 54 – Ny mpiantoka na ny mpiantoka azy izay nandoa trosa nilain'ny misitraka dia manana fitakiana mitovy amin'ny an'ny mpiantoka na ny mpanome baiko.

And. 55 – Mitsahatra ny fiantohana na ny fiantohana mpiantoka :

- na amin'ny andro (calendaire spécifié) na amin'ny fahataperan'ny fotoana voatondro ;

- na amin'ny fampisehoan'ny mpiantoka na ny mpiantoka azy ny taratasy manafaka voalaza ao anatin'ny taratasim-piantohana na taratasim-piantoham-mpiantoka ;

- na amin'ny alalàn'ny fanambarana an-tsoratra ataon'ny misitraka manafaka ny mpiantoka sy ny mpiantoka azy amin'ny andraikitry izy ireo.

TOKO III

Taratasy filazan-kevitra

And. 56 – Ny taratasy filazan-kevitra, antsoina ihany koa hoe taratasy de(confort) na taratasim-piahiana na taratasim-(recommandation) dia taratasy izay afahan'olon-kafa milaza amin'ny tompon-trosa amin'ny teny azo ovana sy niniana natao ho tsy dia mazava, ny faniriany hanohana ny ananan-trosany mba afahana mamita ny ankibolany.

And. 57 - Raha toa tojo fahasahiranana amin'ny fivoasana ny hevitra ny fanirian'ny

Dans cette dernière hypothèse, il déterminera si l'obligation à la charge de l'auteur de la lettre d'intention est de moyen ou de résultat.

TITRE II

LES SURETES REELLES

Art.58. Quiconque s'est obligé personnellement est tenu de remplir son engagement sur tous ses biens mobiliers et immobiliers, présents et à venir.

Art.59. Les biens du débiteur sont les gages communs de ses créanciers, et le prix s'en distribue par eux par contribution, à moins qu'il y ait entre les créanciers des causes légitimes de préférence.

Art.60. Les causes légitimes de préférence sont le privilège et l'hypothèque.

Art 61. Les sûretés réelles sont mobilières ou immobilières selon les biens sur lesquels elles portent.

Une sûreté est dite générale lorsqu'elle porte sur tous les biens du débiteur, meubles ou immeubles.

Une sûreté réelle est dite spéciale lorsqu'elle porte sur un bien déterminé en garantie d'une dette qui s'y rattache.

Art 62. Le nantissement est le contrat par lequel un bien est affecté à la garantie du paiement d'une dette.

CHAPITRE PREMIER

LES SURETES MOBILIERES

Art 63. Les sûretés mobilières sont avec ou sans dépossession

nanao ny taratasy, ny mpitsara dia handanjalanja sy hilaza araky ny zava-pantantra eo am-pelatanany fa ny ankibolana ao anatin'ny taratasy dia azo heverina ho fandraisan'andraikitra ara-moraly tsotra tsy manan-kery araky ny lalàna, fiantohana tena izy na andraikitra hanao zavatra iray.

Amin'ny lafiny farany io, ho faritan'ny mpitsara raha toa ny andraikitra ho fanomezana fitaovana na andraikitra miantoka ny fanatanterahan-javatra no apetraka amin'ny nanao ny taratasy filazan-kevitra.

LOHATENY II

ANTOKA ATAO AMIN'NY FANANANA

And. 58 – Na iza na iza nandray andraikitra mivantana dia tsy maintsy manantontosa ny andraikiny amin'ny alalàn'ny fananany manaraka na mitoetra, efa misy sy mbola ho avy.

And. 59 – Ny fananan'ny ananan-trosa dia antoka iombonan'ny tompon-tsosany, ary ny vola takako dia zaraina amin'izy ireo arakaraky ny fandraisana anjara, afa tsy raha misy fepetra ara-dalàna ananan-tombony hisafidy aminy samy tompon-trosa.

And. 60 – Ny fepetra ananan-tombony hisafidy dia ny tombon-jo sy ny antoka fanana-mitoetra.

And. 61 – Manaraka na mitoetra ny antoka atao amin'ny fananana arakaraky ny fananana ampiharana azy.

Faobe ny antoka rehefa atao amin'ny fananan'ny ananan-trosa rehetra na manaraka na mitoetra.

Manokana ny antoka rehefa atao amin'ny fananana izay nofaritana mba hiantohana trosa iray izay mifamatotra aminy.

And. 62 – Ny fametrahana ho antoka dia fifanekena izay hanondrona fananana iray ho fiantohana ny fandoavan-trosa.

TOKO I

Antoka atao amin'ny fanana-manaraka

SECTION PREMIERE

Les sûretés mobilières avec dépossession

Sous-section 1

Le droit de rétention

Art 64. Le créancier qui détient légitimement un bien peut le retenir jusqu'à parfait paiement de ce qui lui est dû, indépendamment de l'existence de toute autre sûreté sur ce bien.

Art 65. Le droit de rétention ne peut s'exercer que:

1. avant toute saisie;
2. si la créance est certaine, liquide et exigible;
3. s'il existe un lien de connexité entre la naissance de la créance et la chose retenue.

Art 66. La connexité est réputée établie si la détention de la chose et la créance sont la conséquence directe de relations d'affaires entre le créancier et le débiteur. La connexité est dite juridique ou intellectuelle quand la détention et la créance se rattachent à un même rapport juridique.

Elle est dite matérielle ou objective quand la créance a pris naissance à l'occasion de la détention d'une chose.

Le créancier doit renoncer au droit de rétention si le débiteur lui fournit une sûreté réelle équivalente,

Si le créancier ne reçoit ni paiement ni sûreté, il peut, après signification faite au débiteur et au propriétaire de la chose, exercer ses droits de suite et de préférence comme en matière de gage.

Sous-section 2

Gage

And. 63 – Ny antoka atao amin'ny fanana-manaraka dia mety arahina na tsy arahina fanesoram-pananana.

Sokajy voalohany

Ny antoka atao amin'ny fanana-manaraka misy fanesoram-pananana

Zana-tsokajy 1

Ny zo mihazom-pananana

And. 64 - Ny tompon-trosa izay mitana ara-dalàna ny fananana dia afaka mihazona izany mandram-pandoavana tanteraka ny tokony aloa aminy, ary izany dia tsy miankina amin'ny fisian'ny antoka hafa natao tamin'io fananana io.

